**Fampihavanam-pirenena**

**<u>Ivato faha-19 Desambra 2014</u>**

Teo ambany fitarihan'ny FFKM (Fiombonan'ny Fiangonana Kristianina eto Madagasikara), dia tontosa androany teny Ivato ny dinika niarahan'ireo Filoha teo aloha, Zafy Albert, Didier Ratsiraka, Marc Ravalomanana sy Andry Rajoelina ary ny Filohan'ny Repoblika Hery Rajaonarimampianina.

Toy izao ny fanambarana nivoaka taorian'izany fivoriana izany :

"***Ilaina ny fiarovana ny tombontsoam-bahoaka ary adidin'ny Fanjakana izany. Anatin'izany ny fisian'ny fitonian'ny fiainam-bahoaka sy ny fiarovana ny aina sy ny fananam-bahoaka ary ny fiheverana ny amin'ny fahantram-bahoaka.***

***Mba hitsinjovana ny tombontsoam-bahoaka sy ny filaminana dia manamafy izahay ny hisian'ny fifampitokisana sy ny fitoniana (apaisement et stabilité).***

***Nanambara teto am-pivoriana ny Filoham-pirenena amperin'asa fa handray andraikitra amin'ny famotsorana alohan'ny faran'ny taona 2014 ireo gadra politika ary hijery ny mikasika ny Filoha Ravalomanana Marc. Izany dia ao anatin'ny Fampihavavanana araka ny 4F. Tsy manafoana ny raharaham-pitsarana momba azy ireo anefa izany.***

***Hitohy amin'ny 13 Jaonary 2015 ny dinika mba hanomanana ny fandraisan'ny vahoaka anjara amin'ny Fampihavanana.***

***Izany rehetra izany dia tafiditra ao anatin'ny dingana firosoana hatrany ho amin'ny làlan'ny Fampihavanana.***

***Nifanaraka ny rehetra fa hanohy ny fanatanterahana antsakany sy andavany ny dinika Fampihavanam-pirenena eo amin'ny mponina eto Madagasikara izany dia ao anatin'ny fahadiovam-po sy ny fitiavan-tanindrazana".***

Antananarivo faha 19 Desambra 2014

<u>Sonia</u>:

Hery RAJAONARIMAMPIANINA - Marc RAVALOMANANA

Albert ZAFY - Didier RATSIRAKA - Andry Nirina RAJOELINA

<u>Nitarika ary nanatrika ny fivoriana ny Filoham-piangonana efatra</u> :

Mgr RANARIVELO Samoela Jaona - RASENDRAHASINA Lala Haja Mpitandrina

Pastora Dr RAKOTO Endor Modeste – Mgr RAZANAKOLONA Odon Marie Arsène